# FITANTANAM-PANANANA SY IRAKA




Lessona 11 hatao ny 12 Septambra, 2026


“Fa fantatrareo ny fahasoavan'i Jesosy Kristy Tompontsika, fa na dia nanan-karena aza Izy, dia tonga malahelo noho ny aminareo, mba hampanan-karena anareo ny alahelony” (2 Korintiana 8:9)

Ny fitantanam-panana dia ny fomba fitantanan'ny olona iray izay nomena azy mba hotandremany.

Ao amin'ny tontolon-kevitry ny taratasy faharoa nosoratan'i Paoly ho an'ny Korintiana, ny fitantanam-panana dia mahakasika tetik'asa manokana an'i apostoly: famoriam-bola hataon'ny fiangonan'ny Jentilisa hanampiana ny fiangonana any Jerosalema, izay mandalo fotoan-tsarotra.

Efa nanolo-tena hanampy ny Korintiana, ary tonga izao ny fotoana izay hanehoana amin'ny alalan'ny asa izany fanoloran-tena izany. Efa nanomboka nandray anjara ny fiangonana tany Makedonia. Tsy nampaninona an'i Paoly ny totalin'ny vola voahangona, fa ny antony mandrisika sy ny fifalian'ireo mpino amin'ny fandraisana anjara amin'izao fahafahana mamaly ny fahasoavana noraisin'izy ireo izao no nahaliana azy.



**Ny fiandohan'ny fitantanam-pananana:**

- Ny oha-piainan'i Jesosy
- Ny famaliana ny fahasoavana noraisina

**Ny fampiharana ny fitantanam-pananana:**

- Drafitra mazava
- Toe-tsaina tsara

**Vokatry ny fitantanam-pananana:**

- Ny firaisan'ny fiangonana



# NY FIANDOHAN'NY FITANTANAM-PANANANA

# NY OHA-PIAINAN'I JESOSY

“Fa fantatrareo ny fahasoavan'i Jesosy Kristy Tompontsika, fa na dia nanan-karena aza Izy, dia tonga malahelo noho ny aminareo, mba hampanan-karena anareo ny alahelony.” (2 Korintiana 8:9)

**Inona no fifandraisana misy eo amin'ny fahasoavan'Andriamanitra sy ny fahalalahan-tanana? (2 Kor. 8:1-2)**

**Nomen'Andriamanitra ny fiangonana tao Makedonia ny fahasoavany, koa dia “nampitombo ny hitsim-pony” izany (2 Korintiana 8:2). Ary izay no fahasoavan'i Jesosy ho azy ireo, sy ho antsika koa:**



**Nataony izany rehetra izany noho ny fitiavany antsika! (Jaona 15:13; Efesiana 5:2; Galatiana 2:20; 1 Jaona 3:16).**

**Inona no havalintsika ny fahasoavan'i Jesosy? “Efa nahazo maimaimpoana ianareo, koa manomeza maimaimpoana” (Mat. 10:8).**

**Na dia nanan-karena aza Izy, dia tonga malahelo (2 Korintiana 8:9)**



**Nandao ny Lanitra Izy mba honina ety an-tany**



**Nijanona tsy ho Mpanampaka an'izao rehetra ary izao Izy mba ho mpandrafitra**



**Nandao toerana azo antoka Izy mba honina ety amin'ny tanin'ny fahavalo**



**Natakalony satroka-tsilo ny satrom-boninahitry ny fiandrianany**



# NY FAMALIANA NY FAHASOAVANA NORAISINA

"ary tsy araka ny nantenainay, fa ny tenany no natolony ho an'ny Tompo aloha, dia ho anay koa noho ny sitrapon'Andriamanitra" (2 Korintiana 8:5)

## Diniho ny namalian'ny Makedoniana ny fahasoavana:



Nandray ny fahasoavan'i Jesosy (2 Kor. 8:9)

Nanolon-tena ho an'i Jesosy (2 Kor. 8:5)



Nitalaho ny hananana tombotsoa hanampiana ny hafa (2 Kor. 8:4)

Nanolotra mihoatra noho izay zakany, tao anatin'ny fahantrany (2 Kor. 8:2-3)

## Inona no ampianarin'izany antsika?

| | |
|---|---|
| Fankasitrahana ny fahasoavan'Andriamanitra (2 Kor. 9:15) | Nomen'i Jesosy ho antsika ny zavatra rehetra. Ny fankasitrahantsika dia miseho amin'ny faniriantsika hanolo-tena tanteraka ho Azy. |
| Faniriana hizara ny fitahian'Andriamanitra (2 Kor. 9:11a) | Manome ho an'ny hafa isika satria isika aloha no nandray avy tamin'Andriamanitra |
| Fitiavana marina (2 Korintiana 8:24) | Ny fahalalahan-tanana no porofo fa mitoetra am-pontsika ny fitiavana |



# NY FAMPIHARANA NY FITANTANAM-PANANANA


# DRAFITRA MAZAVA

*"Aoka ny olona rehetra samy hanao araka izay inian'ny fony avy, tsy amin'ny alahelo, na amin'ny faneriterena; fa ny mpanome amin'ny fifaliana no tian'Andriamanitra."* (2 Korintiana 9:7)




**Ny tanjon'ny drafitra nataon'i Paoly dia ny hamory fanatitra manokana avy amin'ny fiangonana any Makedonia sy Akaia (faritany misy an'i Korinto) mba hanampiana ny fiangonana any Jerosalema (Rom. 15:26).**

**Rehefa nanolotra ilay drafitra tao Korinto ny aposotoly heritaona mialoha, dia tamim-pahazotoana no nandraisana an'izany, na dia tsy mbola nisy tanjona manokana aza napetraka amin'izay fotoana izay (2 Kor. 9:1-2). Nefa dia, samy ninia tao am-pony fa hanome ny mambra tsirairay (2 Kor. 9:7a).**



**Rehefa manao drafitra ho an'ny fanatitra, dia tokony samy handajalanja tsara ny ankohonana tsirairay ka hametraka tanjona azo tanterahina, izay mifanaraka araka ny fahafahana ara-bola.**




**Teboka iray izay nataon'i Paoly tao amin'ny drafitrany ny tsy tokony hiandrasan'izy ireo ny hahafeno ny vola rehetra indray mandeha, fa kosa ny hanokanana tsikelikely isan-kerinandro mandrapaha-tratra ny vola notigetra (1 Kor. 16:2). Amin'izay, rehefa tonga i Paoly, dia ho azo angonina am-pifaliana ny fanatitra rehetra (2 Kor. 9:3-5).**

# TOE-TSAINA TSARA

"Koa vavolombelona aho fa araka ny zakany, eny, mihoatra noho ny zakany aza, sady araka ny sitrapony ihany, no nanomezany" (2 Korintiana 8:3)

Mba handrisihana ny Kolosiana hahalala-tanana, dia nataony ohatra ho azy ireo ny Makedoniana. Tamin'ireo fiangonana ireo, dia naneho toe-tsaina tsara alain-tahaka tamin'ny nanolorany ny fanatira ireo rahalahy ireo, satria izy ireo dia

| | |
|---|---|
| tamim-pifaliana (2 Kor. 8:2a) | Nahatsiaro sambatra izy ireo satria afaka nanome |
| tamim-pahalalahan-tanana (2 Kor. 8:2b) | Tsy sakana ny fahantrany |
| tamin-kitsipo (2 Kor. 8:3) | Nataony an-tsitrapo tsy nisy fisalasalana |
| ho toy ny tombontsoa (2 Kor. 8:4) | nahafahany naneho ny fitiavany an'Andriamanitra sy ny fiangonana io asa io |
| ho fanoloran-tena tanteraka (2 Kor. 8:5) | Niafara tamin'ny fanoloran-tena ho an'ny hafa ny fanoloran-tenany ho an'ny Tompo |



# VOKATRY NY FITANTANAM-PANANANA

# NY FIRAISAN'NY FIANGONANA

"Fa ny fanaovana izany fanompoam-pivavahana izany dia tsy mahafaka ny alahelon'ny olona masina ihany, fa mahabe ny fisaoran'ny maro an'Andriamanitra koa." (2 Korintiana 9:12)



Nisy vokany tsara hafa ny fanatitra izay nentina ho any Jerosalema (2 Kor. 9:12).




Voafatotra amin'ny fatoran'ny fifanampiana sy fankasitrahana ny Jiosy sy ny Jentilisa (Rom. 15:26-27). Tamin'izany fomba izany, dia tratra ny tanjona faratampony napetraky ny apostoly: firaisana eo amin'ny fiangonana.






Fiangonana eo an-toerana → Federasiona/Fivondronambe → Diviziona → Foibe maneran-tany

Vokatra tsara iray hafa koa ny handraisantsika lesona ankehitriny ny amin'ny fomba nitantanana ny fanatitra: ny zavatra rehetra dia tsy maintsy tanterahina araka ny fandaminana, ary manaraka rafitra tsara.

Nanendry an'i Titosy hanara-maso ny famoriam-bola i Paoly, ary ny fiangonana kosa nanendry rahalahy hanampy azy amin'izany andraikitra izany (2 Kor. 8:16-24). Tsy nisy fomba tsara hafa nahafahana nanao famoriam-bola sy nandefa izany ho any Jerosalema.

“Tsy maintsy tohanana amin'ny alalan'ny ampahafolony sy ny fanomezana ary ny fanatitra ny asan'Andriamanitra. Mitaky ireo loharanon-karena nankininy tamin'ny mpitantana Azy ny Tompo ankehitriny. […]

Tsy mitaky zavatra hafa mihoatra noho izay efa nataony manokana, amin’ireo mpanaraka Azy ny Tompo Jesosy. Ireo izay manda ny tenany sy mahafoy tena ho an’ny asan’Andriamanitra ihany no manaraka ny ohatra nomeny. Nesoriny ny akanjo maha-mpanjaka Azy sy ny satro-boninahiny, ary nidina avy teo amin’ny toeran'ny fahefany lehibe Izy. Tonga mahantra Izy, mba hahazoantsika ny harena maharitra mandrakizay ny fahantrany. Tsy ny harenany ihany no natolony, fa ny ainy mihitsy koa tamin’ny alalan’ny fandavan-tena sy ny fanaovana sorona, mba hanesorana ireo sakana rehetra mety hanelingelina an’ireo izay mikatsaka ny hiditra ao amin’ny fanjakan’Andriamanitra.

[…] Manasa antsika ny Tompo Jesosy mba hiara-hiasa Aminy. Izy no tompon'izay rehetra ananantsika sady manana zo feno amin'izany. Amin'ny alalan'ny fahavononantsika hanampy amin'ny asany no ahafahantsika maneho ny fitiavantsika Azy.”

EGW (The Upward Look, 19Aprily)